# Mpitantanana ny firenena
## Mitàna ny efa toy ny mpanjaitra tsy mahay 3

NY VALOSOA VAOVAO
Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)
Talata 13 Aogositra 2019 Laharana 941 Vidiny : 400 Ar

Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 143), Madagasikara 10 aogositra 2019 5

www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto

### Antananarivo 3

# Taomy ny fako ry ministry ny rano



### Fitondrana Rajoelina 2

# Tsy mahita afitsoka amin'ny sosialim-bahoaka



### TIM SY FILOHA RAVALOMANANA 2

## Lojika ny haha-filohan' ny mpanohitra azy



### Fifidianana ben'ny tanàna 3

## Matahotra ny mpanohitra ny fitondrana

### Mitaraina ny mpiompy akoho 7

## Tafakatra 1200 Ar mahery ny katsaka 1 kg

### Fitsarana miaramila 6

## Nazoto niatrika izany ireo tanora any Vakinankaratra

### Daka kely

Toa tsy ho azo ihodivirana lesy ry Boaikely ny haha-filohan'ny mpanohitra an'i Dada a !

### Ankasina, Andohatapenaka II sy III 6

## Nanadio lakandrano 500 m eo, fampidirana rano hambolena ny CUA



TIM SY FILOHA RAVALOMANANA

# Lojika ny haha-filohan'ny mpanohitra azy

Nandray anjara fitenenana ny filoha nasionalin'ny antoko TIM, Tiako i Madagasikara, Marc Ravalomanana, tamin'ny fivoriamben'ny antoko mpanohitra tetsy amin'ny Hotel Carlton Ampefiloha ny sabotsy teo. Antoko politika mpanohitra miisa 50 teo no niatrika izany fivoriambe izany. Rah any hita sy heno teny an-toerana, azo lazaina ho lojika ny haha-filohan'ny antoko mpanohitra ny filoha Marc Ravalomanana sy ny antoko TIM. Toy izao indrindra ny lahatenin'i Dada ny sabotsy teo io:

Ianareo lehiben'antoko politika isan-tsokajiny tonga manatrika eto,

Ianareo vahiny nasaina ka tonga eto ihany koa,

Tompokolahy sy tompokovavy,

Misaotra an'Andriamanitra lehibe isika nohon'ny nanomezany izao fotoana izao, ka ahafahantsika rehetra mifandinika mikasika izay mahasoa ny firenena. Na dia misy aza ny fikasantsika tsirairay, dia tsy ho tomombana ity fivoriana ity raha tsy Izy no mandahatra ny fotoana ka aoka hatolotra Azy ny dera sy voninahitra.

Faly tokoa aho miaraka aminareo rehetra eto mifandinika izay mahasoa ny firenena izay hiombonantsika rehetra tonga eto. Manana ny maha izy azy manokana ity fivoriana ity satria andro iray lehibe hanamarika ny tantaran'i Madagasikara amin'ny fametrahana izany hatao hoe antoko mpanohitra mikatsaka ny tombontsoambahoaka izany.

Hatramin'izay mantsy rehefa miresaka fanoherana izany teto Madagasikara dia heverin'ny rehetra fa olona hanongampanjakana foana. Tokony tsy hitranga eto Madagasikara intsony izany fanonganam-panjakana izany. Tsy izany anefa no mampiray antsika eto fa ny tena hametraka fomba fiasa sy fomba fijery vaovao amin'ny fanoherana ara-politika eto Madagasikara.

Ny antoko mpanohitra dia anisan'ny herivelona ara-politika mandray andraikitra feno amin'ny fampandrosoana ny firenena na dia tsy mitantana fanjakana aza. Ny fijoroantsika rehetra tonga eto no harofanina ho an'ny mpitondra amin' izay fanapahan-kevitra raisiny ka mety tsy mahasoa ny firenena sy ny vahoaka Malagasy. Tsy hangina isika fa ho sahy hiteny ny tsy fanarahandalàna mety hitranga na tetik'asa tsy mitondra soa ho an'ny vahoaka Malagasy. Amin'izao fivoaran'ny teknolojia vaovao izao dia efa lany andro ny fanapenam-bava ny antoko mpanohitra mety ataon'ny mpitondra.

Ady hevitra no atao ary tsy maintsy lazaina sy hambara amin'ny vahoaka ny tena marina momban'ny fitantanan-draharaham-panjakana. Ilaina ny mangarahara sy ny fanajàna ny feon'ny mpanohitra ary tokony hahay mihaino ny mpitondra satria izany no atao hoe demokrasia. Isika koa anefa tsy hanohitra be fahatany eto na sanatria hanakana ny fampandrosoana ny firenena, fa hiaro kosa ny mahasoa ny tanindrazana iraisana.

Ny fampivondronana ny feontsika rehetra ho iray dia efa marika sahady fa miditra amin'ny vanimpotoana vaovao ny fanoherana ataon'ny antoko mpanohitra eto Madagasikara. Tsy misy izany atao hoe demokrasia sy tany tan-dalàna izany raha tsy matanjaka ny antoko mpanohitra. Marina fa antoko samy manana ny fotokevitra hijoroany sy fandaharan' asany avy isika tonga eto, kanefa misy tanjona hiraisantsika rehetra dia ny fitiavan-tanindrazana ary ny fampandrosoana ny firenena ka izay no mampiray antsika. Aoka izay tanjona tokana izay no atao laharam-pahamehana eo amin'ny fiaraha-miasa mba hametrahana tsara eto amin' ny firenena ny tena demokrasia sy ny tany tandalàna satria ireo no fototry ny fandrosoana maharitra.

Satria ny tombontsoan' ny vahoaka Malagasy no kendrena, dia tsy ny mitsikera ny mpitondra fotsiny no anjaran'ny mpanohitra fa miezaka ihany koa manabe ny vahoaka amin' ny andraikitra no tokony ho raisiny eo amin'ny fampandrosoana ny firenena. Tsy sanatria an'izany bado ny vahoaka Malagasy, kanefa mila entanina izy ireo mba tsy ho voafitaka ny fampanantenana tsy ho tanteraka ataon' ny mpitondra. Anjarantsika ihany koa no manolotra sosokevitra manome vaovao, na manolotra fandaharan' asa amin' izy ireo, ka hanana ny hevitra sy ny vaovao na information rehetra izy ireo mba hahafahany misafidy tsara izay olona na antoko afaka hitondra sy hampandroso ny firenena rehefa tonga ny fifidianana. Izany to tena andraikitry ny antoko mpanohitra.

Raha ny raharaham-pirenena ankehitriny no atao indray mijery dia anisan' ny mahatonga antsika hivory eto ihany koa ny fanapahan-kevitra noraisin' ny mpitondra handinika indray ny lalàna 2011-013 mifehy ny satan'ny mpanohitra. Lalàna mbola tsy nampiharina akory dia kasaina ahitsy sahady. Izay fanaparam-pahefana izay mihintsy no tena mampijoro antsika tsy hanaiky izany. Ny tany tan-dalàna dia ny mampihatra io lalàna io ary mamoaka haingana ny didy fampiharana na ny décret d'application izany. Iraisana ary hampiharina ny lalàna fa tsy hoe rehefa tsy mety amin'ny mpitondra dia ovaina haingana.

Raha izao no mitohy dia miafara any amin'ny fanaovana didy jadona ny mpitondra, ka tsara sorohina dieny izao izany. Ampiharo aloha ny lalàna fa rehefa mahita ny rehetra fa misy tsy mety any aoriana any dia miaraka mifampidinika, fa tsy ianareo irery no hanao izay mety aminareo. Eto ampamaranana ary dia maneho ny fisaorana anareo tsirairay izay tsy mitandro hasasarana fa mikatsaka hatrany ny tombontsoan'ny vahoaka, ka nanatontosa ity fivoriambe ity. Enga anie ka hiarahana manantanteraka ireo hevitra notinapaka teto.

Hombantsika Andriamanitra.

***Nangonin'Isambilo***

Andron'ny vehivavy Afrikana Tatsimo

# Niatrika izany ny Filoha Marc Ravalomanana

Fampahafantarana ny tantaram-piainan'i Gisèle Rabesahala (7 mey 1929 -27 Jona 2O11) sy ny tolona nataony ho fampivoarana ny tontolon'ny vehivavy eto Madagasikara no anisan'ny nanamarihana ny androm-pirenen'ny vehivavy Afrika Tatsimo nomarihana ny 09 aogositra lasa teo, tetsy amin'ny Hotel Carlton Amefiloha, raha ny teto Madagasikara. Tonga nanome voninahitra ny Ianonana ny parlementera vehivavy ; ireo fikambanana maro samihafa eto an-toerana sy iraisam-pirenana misehatra amin'ny fanatsarana ny tontolon'ny vehivavy . Nilaza ny Masoivohon'i Afrika Atsimo Maud Vuyelwa Dlomo nandritra ny fandraisampitenenana nataony, fa niady tamin'ny fanavakavaham-bolonkoditra sy ny herisetra ary nitaky ny fahalalahana maneho hevitra sy ny fanajana ny zon'ny vehivavy tany Afrika Atsimo ny vehivavy Afrikanina Tatsimo. Nanohy nanazava ity masoivohon'n i Afrika Atsimo ity fa ny fivelaran'ny vehivavy eo amin'ny tontolo Politika sy ny sehatry ny fandraharahana ary ny fiarahamonina dia antoka ho fampiroboroboana ny firenena iray. Nanamafy ity Masoivoho ity fa ny fahaiza-mitarika sy ny fahasahiana ary ny firoboroboan'ny teknolojia dia manampy betsaka amin'ny tolona ataon'ny vehivavy ho fanajana ny zony. Ny ohatra napetrakin'i Gisèle Rabesahala izay vehivavy Malagasy nanamarika ny tantaran'i Afrika dia natao ho fakantahaka ho an'ny taranaka hoy ity Masoivohon'i Afrika Atsimo ity. Niady ho an'ny fahalalahan'ny vehivavy sy ny fanajana ny zon'ny vehivavy i Gisèle Rabesahala fony fahavelony. Ankoatran'ny tolona Politika nataony, Mpikambana tamin'ny antoko MDRM 1946 ; antoko AKFM 1958, dia efa nitana ny andraikitra Solombavambahoaka sy loholon'i Madagasikara i Gisèle Rabesahala. Ary tamin'ny taona 1991 dia efa voatendry ho Minisitra ny zavakanto. Nisehatra tamin' ny tontolon'ny asa fanaovan-gazety ihany koa i Gisel Rabesahala no sady mpitarika sendika tao amin'i FISEMA 1956, izay lasa FISEMARE tamin'ny taona 1976. Tao aorian'ny fampirantiana, nisy ny fanasana nataon'ny ambasadin'i Afrika Atsimo, ireo mpitondra fanjakana, mpanao politika, sehatra tsy miankina sy mpandraharaha ara-toekarena, masoivoho vahiny, noho ity fetin'ny firenena any Afrika Atsimo ity, niatrika izany ny Filoha nasionalin'ny antoko TIM, Marc Ravalomanana; nambaran'ity farany tamin'izany, fa hisy tsy ho ela ny fihaonany amin'ity Ambasadaoro Afrikana Tatsimo ity, hiresahan'izy ireo ny momba ny raharahampirenena eto amintsika, indrindra momba ny resaka zon'olombelona.

***Isambilo***

*Ny Valosoa sy fakafaka*

## Fitondrana Rajoelina

# Tsy mahita afitsoka amin'ny vahaolan'ny sosialim-bahoaka

Saika any amin'ireo tsy tena mahamaika ny vahoaka no ihazakazahan'ny fitondrana amin'izao fotoana izao, valo volana aty aoriana ny niakarana teo amin'ny toerana. Tsy lavina, ndeha atao hoe miasa ny fitondrana Rajoelina, saingy izany asa izany tsy misy fiantraikany akory any amin'ny fiainan'ny isambaravaran'ny tokantranon'ny sarambabem-bahoaka. Ny fifampiraharahana tamin'ireo mpandraharaha solika, izay nisiana fidinan'ny vidintsolika kely dia kely, ary tsy atao ho mahagaga tsy nihontsona akory fa nihizihizy hatrany ny sondrobidim-piainana andavanandro. Ny sakafo fanjifan'ny vahoaka andavanandro na ny PPN dia tsy misy mangirana ny fihenam-bidiny fa vao mainka aza manambana ny hiaka-bidy hatrany isan'andro. Saika ny ihazakazahana ankehitriny dia ny fanendrena tompon'andraikitra amin'ny toerana maro samihafa, valo volana aty aoriana, ary tamin'ny filankevitry ny ministra farany dia mbola nisy izany. Izany hatrany no mahamaika ny fitondrana sy ireo olona tendreny ho lehibe hitana toerana iray. Iaraha-mahalala fa tafiditra ao anaty kajikajy samihafa amin'ny lafiny politika izany fomba fiasa izany. Tsy atao ho mahagaga araka izany raha tsy mahita afitsoka amin'ny famahana olana ny sosialim-bahoaka hatreto ny fitondrana satria variana amin'ny fanaovana paipaik'ady politika sy fametrahana vatom-panorona etsy sy eroa hifikirana mafy eo amin'ny fitondrana. Ilay vahoaka izay manantena mafy ny teny fampanantenana be fa hiova ato anaty fotoana fohy ny fiainany anefa etsy ankilan'izany toa voarirarira be ihany ary toa tratry ny fanarian-dia samihafa amin'ny zavatra tsy dia mahasoa azy loatra. Ankehitriny izao dia tafahitsoka lalina anaty fahasahiranana ny ray aman-drenin'ny mpianatra, indrindra ireo manan-janaka mianatra any amin'ny sekoly tsy miankina noho ny lafiny fanovaovana ny tetiandrom-pampianarana vaovao amin'ny taom-pianarana ho avy. Vokany, tsy hisy fialan-tsasatra ampy tsara ny mpianatra, ary ny ray aman-dreny dia tsy hanam-potoana mihitsy mba hanomanana ny fampidirana ny zanany hianatra. Raha atao mahitsy, sempotra ny ray aman-dreny amin'ny fampianaranjanaka amin'izao fotoana izao. Tsy manana vahaolana mazava sy tsara momba izany ity fitondrana miseho babany noho ny rehetra ity. Ny sehatra hafa tsy lazaina intsony amin'ny tsy fivahan'ny olam-bahoaka. Hanantena tsy misy ve izany ny vahoaka Malagasy?...

***Sôh'son***

Fikitihana ny satan'ny mpanohitra

# Mizotra mankany amin'ny rafitra tsy refesi-mandidy ny fitondrana

Mazava ny tian'ny mpitondra ahatongavana momba ny fampiantsoana fivorian'ny Parlemanta nanomboka omaly. Fanilihana ny Filoha Nasionalin'ny Tim, Marc Ravalomanana, tsy ho Filohan'ny mpanohitra no tanjona . Efa misy ny sata mifehy ny mpanohitra 2011/013, izay tsy mbola nampiasaina satria tsy mbola nisy ny didy fampiharana dia izao tadiavina hokitihana izao sahady. Tsiahivina fa tsy ny Tim velively no nandrafitra ny sata mifehy ny mpanohitra 2011/013 fa ny mpitondra amin'izao fotoana izao ihany ary nambara mihitsy tamin'izany, fa tsy misy lalàna tsara toy io, saingy raha vao vantany vao fantatra fa ny Tim no mpanohitra ofisialy dia nikoropaka ny mpitondra sy ny mpanohana azy . Baikoina amin'izay tiana hanaovana azy ny Parlemantera miaraka amin'ny fitondrana izay midika avy hatrany fa tsy manapa-kevitra araka ny feon'ny fieritreretany ny Parlemantera mpanohana ny fitondrana . Izao fihetsiky ny fitondrana izao anefa dia manaratsy endrika azy manoloana ny vahoaka sy ny sehatra iraisam-pirenena . Any amin'ny fikitihana ny sata mifehy ny mpanohitra no mahamaika fa tsy ny fitadiavana vahaolana amin'ireo toe-javatra mampangirifiry ny vahoaka toy ny tsy fandriampahalemana , ny tsy fahampiantsakafo , ny tsy fananan'asa , ny sosialy tsy araka ny tokony ho izy , ny asan-dahalo . Mizotra mankany amin'ny fahefana tsy refesi-mandidy ny fitondrana matoa mitady ny fomba hanilihana ny Filohan'ny Tim tsy ho eo amin'ny toeran'ny mpanohitra . Dia hoy ny fanontaniana manao hoe : fa angaha tsy mahatoky ny tenany ny mpitondra sa matahotra ny fanoherana ho entin'ny Tim sy izay rehetra manana ny foto-kevitry ny fanoherana? Raha toa ka mahatsiaro tena ho mamim-bahoaka ny mpitondra sady nandresy tamin'ny fifidianana dia tsy hitady hevitra hanovana ny Sata mifehy ny mpanohitra velively . Izany no marina! Sa ahoana hoy ianao?

***Bema***

Ny Valosoa sy hadihady

# Mpitantanana ny firenena : Mitàna ny efa toy ny mpanjaitra tsy mahay

Tsy misy tetikasa vaovao azo tanterahina aloha hatramin'izao, fa dia ireo efa vita fifanarahana tamin'ny fitondrana Rajaonarimampianina ihany no mody isarangotan-dRajoelina Andry sy ny ekipany. Tsy azo hafenina kosa anefa fa mandroso tokoa ny làlambaovao hizoran'ny Papa François amin'ny fotoana hahatongavany eto ny volana septambra ho avy izao. Manara-maso akaiky ny fizotry ny asa mihitsy ny filohan'ny Repoblika. Ny resaka famatsian-drano any amin'ny Faritra Androy indray dia tsy tetikasa goavana fa ny fanatsarana ny zava-bitan'ny Sampan-draharahan'ny Firenena mikambana misahana ny ankizy sy ny vehivavy (Unicef) no nidedahana. Fanatanterahana ny tetikasa efa nahazoana famatsiam-bola io, fa tsy tetikasan'ny fiadidiana ny Repoblika. Efa mahazatra izao fitondrana izao mantsy ny mihebohebo amin'ny tetikasa efa mandeha toy ny any amin'ny làlam-pirenena mampitohy an'Ambilobe sy Vohémar, izay efa nametrahan-dRajaonarimampianina vato fototra kanefa dia mbola naverin-dRajoelina Andry nametrahana indray. Ny tetikasa "Tana Masoandro" moa dia tsy araka ny nolazainy ity farany fa efa ao ny famatsiam-bola sy ny teknisiana kanefa resaka ambony vavahady fotsiny satria mbola maizina tsy misy tanamasoandro izany famatsiam-bola izany. Lasa noho izany ny eritreritra sao dia olona avy ao amin'ny fitondrana ihany no mamporisika ny vahoaka eny an-toerana, Ambohitrimanjaka, Ambohidratrimo sy ny manodidina hanohitra ny fanotofana ny tanimbary. Tsy azo lavina anefa fa tena tsy hitera-bokatsoa ho an'ny mponina izany fanotofana tanimbary 1.000 hekitara izany, na dia hisy asa roa hetsy (200.000) sy trano ho an'ny fianakaviana iray alina (10.000) aza. Araka ny fantatra dia tsy mbola misy mpamatsy vola ity tetikasa ity, fa misy ilay tetikasa japoney hanao ny làlana mampitohy an'Antananarivo sy Toamasina, TATOM, no hisarangotana hanao ny asa. Midika izany fa tsy azo antoka ny famatsiam-bolan'ny tetikasa, ka zara aza misy ireo mponina manao fihetsiketsehana manohitra mba hilazana fa mihaino ny vahoaka ny fitondrana. Tsy fantatra rahoviana no hanomboka ny asa fanamboarana ny làlam-pirenena faha-44 mampitohy an'Ambatondrazaka sy Moramanga izay mampikaikaika ny mpitatitra. Marina fa tsy hisy zava-bita ao anatin'ny valo volana satria ny teo aloha aza tsy nahavita na inona na inona tao anatin'ny sivy ambidimampolo taona (nisy dimy taona anefa ny tetezamita izay tena tsy nahavitàna na inona na inona tokoa). Tsara hampatsiahivina anefa fa fito taona ny fitondrana Ravalomanana Marc (2002-2009) kanefa nisy làlana iray alina kilometatra (10. 000 km) no vita, dimanjato sy arivo kilometatra (1. 500 km) isan-taona eo ho eo izany. Tsy fantatry ny vahoaka fa salovanin'ny minisitera'ny Asa vaventy ny fanamboaran-dàlana eto an-drenivohitra, kanefa dia hafatratra any amin'ny ben'ny tanàna ny rihitra noho ny làlana feno lavadavaka. Nesoriny ny sorabola momba ny tahiry fikojakojana ny làlana (Fond d'entretien routier), izay alaina amin'ny vidin'ny solika kanefa tsy fantatra hampiasaina amin'ny inona ny vola azo avy amin' izany. Rehefa atao ny tambatra dia tsy misy laharampamehana amin'ny fitantanan-draharaha ho an'izao fitondrana izao. Dradraina ny fitsitsiana kanefa tao anatin'ny enim-bolana dia vola mikararana no lany nanofana fiaramanidina manokana nitondra mpitondra tany ivelany, manginy fotsiny ny vola lany tamin'ny sakafo sy ny hofan'ny hotely. Fitonjato tapitrisa dolara no nomena ny Barea nentiny niatrika ny lalao CAN tany Egypta. Tokony ary rariny raha omena izay tandrify azy ny mpilalao saingy tsy ireo ihany no mpilalao niatrika sy mbola hiatrika fihaonana iraisam-pirenena, ka tsy tokony hisy mizàna tsindrin'ila. Roambidimampolo (52) no mpiasam-panjakana ambony notendrena any amin'ny minisitera isan-tokony any nandritra ny filankevitry ny mininisitra ny alakamisy farany teo. Tsy izany anefa no maika satria ny tale jeneralin'ny CNaps hatramin'izao tsy mbola misy mpisolo ary ny an'ny Birao mahaleotena miady miady kolikoly aza iray volana mahery taty aoriana vao notendrena. Azo inoana fa matoa tsy mbola nametraka tetiandro momba ny fifidianana ben'ny tanàna sy filankevitry ny tanàna ny governemanta dia noho ny tsy mbola nahavoatendry ireo lehiben'ny faritra, izay hanomana ny fifidianana. Ny manampahefana any amin'ny faritra moa dia afaka manao tsindry amin'ny resaka fifidianana. Tsy ny fahafantaran'izao tontolo izao fa misy izany Madagasikara izany no zava-dehibe satria tsy maintsy miitatra ny resaka, ka hahamenatra ny haterak'izany satria ho fantatra fa firenena faran'izay mahantra ity Nosy ity na dia manana harena tsy hita pesimpesenina aza. Afaka manonofy ny "gadra" kanefa sarotra ho azy ny hamadika izany ho zavatra mivaingana azo tsapain-tànana.

***Andry Tsiavalona***

**ANTANANARIVO**

## Taomy ny fako ry ministry ny rano

Tao anatin'ny andro maromaro izao dia hita mivangongo ny fako, amin' ny faritra sasany be olona eto Antananarivo Renivohitra. Manoloana izany , mitaona ny minisiteran'ny rano sy ny minisitra Vonjy Andriamanga, izay miahy mivantana ny SAMVA, tompon'andraikitra manala ny fako eto andrenivohitra ny mponina manoloana ireny fako mivangongo ireny, mba handray andraikitra hitaona izany, ka hanary izany eny Andralanitra, satria tena maloto ny tanàna. Ny tsara tokony ho fantatry ny rehetra dia nandritra ny naha minisitry ny rano ny minisitra Roland Ravalomanga dia nahay niara-niasa ny SAMVA sy ny CUA, ka na tsy andraikitry ny Kaominina Antananarivo Renivohitra aza ny manala ny fako amin'ireny dabanjaoridira iombonana ireny dia tsy nikely soroka ny mpitantana ny tanàna niara-nisalahy nitondra vahaolana tamin'ny fanampiana ny kamiao hanampy ny an'ny SAMVA niasa andro aman'ali-na . Izay no ilazàna sy angatahana amin'ny ministeran'ny rano handray andraikitra satria tsy tokony hatao takalon'aina amin' ny resaka politika ny mponina eto Antananarivo Renivohitra. Fehiny: ry ministry ny rano, taomy ny fako!



*Ny ministry ny rano, Vonjy Andriamanga.*

***Helisoa***

Fifidianana ben'ny tanàna

## Matahotra ny mpanohitra ny fitondrana

Mety ho tanterahina amin'ity taona ity ihany ny fifidianana ben'ny tanàna sy mpanolotsaina ny kaominina eto Madagasikara, raha ny tsiliam-baovao heno. Taorian'ny tenin'ny filoham-pirenena Andry Rajoelina man-tsy dia handray fanapahan-kevitra ny governemanta amin'ny fandinihana ny fanatanterahana ny fifidianana eto ami-ntsika, ka amin' ity volana Aogositra ity no hanatanterahin'ny mpanatanteraka izany. Mbola voaha- ja tsara amin'izany ny 90 andro hanaikana ny mpifidy, ka mety ho amin'ny volana Novambre ho avy izao no hanatanterahana ny fifidianana eto amintsika. Ho an'ireo tanàn-dehibe toa an' Antananarivo, dia matahotra ny antoko mpanohitra ny fitondrana, ka mitady paik' ady handresena ny antoko Tim izay mpanohitra ny fitondrana ary sahy hitondra ny traikefa sy fahaiza-mitantana ny tanàna araky ny nambaran'ny filoha ihany hoe nahavita ve, ary nahomby ve, ka mbola hapetraky ny vahoaka hitantana ny tanàna ihany ? Kajikajy pôlitika sisa mantsy no ataon'ny mpitondra mba handresena ny antoko mpanohitra satria fantany tsara ny tanjaky ny antoko Tim eto Antananarivo. Ankoatr'izay, dia efa hita soritra sahady ihany koa ny paik'ady tsy mahomby ataon' ny fitondrana, satria sarotra ho azy ny handresy eto Antananarivo renivohitra. Efa diso fantatry ny vahoaka ihany koa ireo mety ho kandidan'ny mpitondra, ka heverina fa tsy hahasarika vahoaka mpifidy akory. Eto mantsy no hipoiran'ny hery sy tanjaka amin 'izay resaka pôlitika izay. Matahotra arak'iza-ny ny mpitondra, ka manao dona amin'ny mpanao pôlitika sy ny fikambanana mba hanohana azy amin'izay kandida hatolony eo.

***Rajo***

NY TENY FIAINANA

*Dia tahaka izany koa hianareo, raha vao hitanareo izany rehetra izany, dia aoka ho fantatrareo fa efa akaiky mby eo am-baravarana Izy.*

***Matio 24:33***

facebook NY VALOSOA VAOVAO

### Babà na Gangstabab, anisan' ireo ho zero virgule koa raha hirotsaka ben'ny tanàna

**Micheline Rasoanelina:** anisan'ny ho zero virgule koa i Babà na Gangstabab raha hirotsaka ben'ny tanàna izany, ilay antoko lazaina fa Madio izay naoriny aza tsy dia mbola tsy be mpahafantatra loatra.

**Tony Ravelohary:** hoy i Rajoelina hoe tsy matahotra ny kandida hafa hono ny IRD @ fifidianana maire. Ny dikany, ka izy izany filohan'ny IRD fa tsy filohampirenena Malagasy. Mbola tsy mihevitra ny tenany ho Filoha izany Rajoelina hatramin'izao, tsy mahagaga raha tsy misy mandeha eto amin'ny firenena.

**Dahizandry Valérien :** raha i Gangstabab izany tsy hisy hifidy maire izany, koa angaha hihira no hatao fa tsy hitondra vahoaka sy hitondra tanàna. Zéro virgule toa an'i Clémence koa i Babà raha mirotsaka eo.

**Mamitiana Rakotoson :** filohany IRD Rajoelina fa tsy filoham- pirenena amiko, tsy tokony hiditra amin'izay resaka fifidianana Maire izany intsony izy fa tokony hipetraka ho ray aman-dreny, satria ny Filoha dia ray aman-dreny fa tsy hitsabaka ny resaka antoko sy ny vondrona antoko intsony!

**Fandresena Fitia:** zay mintsy , za lou tena tsy ho Rajoelina sy ny forongony mihitsy e! na fomba na toetra tia lainga sy valifaty.

**Elie Jean Richard :** ka le zandry kely koa anie mbola mihevi-tena ho kandidà foana mandrak'ity ny androany fa tsy filoha e! Ary ilay babà, tsy hihira miteny akory na kabary ny fitondrana tanàna sy ny fitondrana vahoaka.

**Mærsøn Rafidy :** iza ihany no kandida Tim eto Tana? fa efa manao vava ny adversera hoe miala bebe miditra babà! Raha babà izany aloha, tsy hahasehaka an'i Neny e, mbola sarotra no handresy ny kandidà ny TIM eto Tanà.

**Elizara Fidèle:** fa sao dia heverin'i Babà fa hanao slam ary dia hahatantana an'Antananarivo renivohitra? Ho hitany eo ny 0,00 vao gaga!

TONONKALO

### IZAY ILÀNA NY MPANOHITRA

Tsy hoe ho mpanohitra be fahatany,
Tsy izany tsy akory no hoe hijoroana,
Fa mila miteny sy manitsy ihany,
Mba hoenti-manarina ny hadisoana.

Tsy hoe ho mpanohitra be fahatany,
Tsy dia izany loatra no zava-kendrena,
Fa mila arofanina tsy hianjerany
Ireo olo-mitondra an`ity firenena.

Ka na ny mpanohitra na ny mpitondra
Dia hahay hanoro na koa hotoroana.
Tsy hikiribiby amin`ny lohan`ampondra,
Na hoe hifanebaka lava eny foana.

Ny akoho no deraina ho mahery mandeha,
Fa raha mandia sahafa , solafaka ihany.
Koa tairina foana ny mpirehareha
Mba ho mailo fa malama maina ny tany.

Ny fifanitsiana no zava-kinendry
Ary izay mampisondrotra no imasoana.
Ry olom-boafidy , ry olom-boatendry,
Fanteno ny tsara ho fampandrosoana.

***DADAN`i ZINA (09-08-19)***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka, Helisoa

Ny fivorim-ben'ny antoko mpanohitra tetsy amin'ny Hotel Carlton ny asabotsy teo.









RANGAHY MPIJANGAJANGA

## Nataon'ny sipa nalemy ny filahiany

Roa taona niasa saina sy valalanina ny fianakavian'ity lehilahy ity. Tsy rony tsy ventiny mantsy dia nilofika fotsiny ny filahian'ity rangahy ity, ary tsy vitan'izany fa sady latsain'ny vadiny izy fa hoe hamindra aretina aminy ihany koa. Tsy afaka miray intsony mantsy izy roa ary nakorain'ny mpiara-monina fa hoe tratry ny manaramody satria zatra mampirafy. Very hevitra ny anao lahy ka voatery nitady olona hikarakara azy. Tamin'ny gazety no nahitany ny nomeraon'i Jessica eny Mandrosoa Ivato 03387 395 41, ka ny ampitso ihany dia nihaona ny roa tonta. Vao nojeren'ity mpitsabo ity tokoa dia nambarany fa mosavin'olona io mahazo azy io ary tsy lavitra fa mahafantatra tsara ny vadiny ihany koa satria efa saika vadin'io olona io ilay rangahy. Notrorin'ity mpitsabo ity tamin'ny menaka manokana aloha ilay rangahy ary nampisotroiny "jus spécial" ihany koa. Vao nody ilay rangahy dia gaga fa nisy fiovana ny tenany satria niha-natanjaka izy ary vao niverina afaka telo andro teny amin'ity mpitsabo ity dia sitrana tanteraka satria niverina amin'ny laoniny ny tanjaky ny filahian'ilay rangahy. Nanomboka teo dia gaga ny vadiny fa sitrana ihany izy raha saika efa nilaozan'ny vadiny satria tsy mahavita ny asany intsony. Niverina soa amantsara ihany ny tokantranon'izy roa ary niaiky izy ireo fa nahitana fahombiazana ny fikarakarana nataon'ity mpitsabo ity taminy. Nisy olona nitovy olana ta-min'ity rangahy ity, ka natorony azy fa manana fahaizana manokana ilay mpitsabo nikarakara azy , fa raha tsy izany dia efa sady nisara-bady no narian'ny fianakaviany satria sady malaza amin'ny fijangajangana no manitsakitsa-bady ihany koa. Tsy manavaka finoana, na firazanana mantsy izy hoy izy, ary mandray olona isan'andro eny aminy.

*Ny Akama*

# Sakafo Ny Valosoa



**Trondro nolafihana anana** indray no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Zavatra ilaina: trondro sy anana ti-sam, tongolo be, tongolo gasy, sakamalao, kotomila, voatabia, menaka, curry, dipoavatra sy sira.

# NY VALOSOA sy Mahasoa

## Fomba fanalana volon-kelika tsy mahamaimbo helika



Fomba fanalana volon-kelika tsy mahamaimbo helika indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Mahamaimbo helika ny volon-kelika. Mitahiry hatsembohana mantsy izy, ka miteraka fofona ratsy. Noho izany dia tokony hoesorina ny volon-kelika. Tsy voatery haratana amin'ny hareza, na ongotana amin'ny lasira. Ireto misy fomba natoraly azo ampiasaina:

1. Voasarimakirana sy siramamy : Afangaro ny ranomboasarimakirana: 2 sotro fihinanana sy ny siramamy roa sotro kely. Apetraka manaraka ny fanirin'ny volonkelikao ny paty azo. Miandry 2 minitra fotsiny mba hilona kely ao ambany helika ity paty ity dia sasana fotsiny. Azo atao indroa isan-kerinandro.

2. Ronono sy tamotamo : afangaro amin'ny ronono velona 2 sotrokely ny tamotamo izay hita fa ampy hahazoana paty. Tamotamo vovony izany no ampiasaina eto. Apetraka ao ambany helika ihany koa ny paty azo. Tsy maintsy miandry ora maromaro kosa vao kobanina amin'ny rano ny helika.

3. Vovo-katsaka sy tapotsin'atody : afangaro ny tapotsin'atody sy ny lafarina 1 sotro sy tapany. Io fangaro io no ahosotra eo ambany helika. Andrasana ho maina. Raha efa izay vao sasana.

# NY VALOSOA sy Mahavariana

## Ny tanànan'i Beroroha any amin'ny faritra Atsimo Andrefana

Ny tanànan'i Beroroha any amin'ny faritra Atsimo Andrefana indray no Mahavariana sy Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Kaominina ambanivohitra ity tanàna ity, renivohitry ny distrikan'i Beroroha. Somary iva toerana ihany izy satria 190 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Vary sy haninkotrana isan-karazany no vokatra any. Mpiompy koa ny mponina, indrindra ny omby. Faritra mena amin'ny tsy fandriampahalemana ity tanàna ity sy ny distrika manontolo mihitsy.



*Faritra be omby ny any Beroroha.*

# Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 143), Madagasikara 10 aogositra 2019

***Asan' ny Apostoly 17: 29-30 "Ary satria naterako JEHOVAH hianareo, dia tsy mety raha ny fombako JEHOVAH no ataonareo ho tahaka ny volamena, na volafotsy, na vato voasoratry ny fahaizana aman-tsain'olombelona. Ary IZAHO JEHOVAH ninia tsy nijery ny andron'ny tsi-fahalalana; fa ankehitriny AHO mandidy ny olona rehetra amin'izao tontolo izao hibebaka".***

Nahoana moa no FIBEBAHANA foana no ambara sy tenenina mandrakariva? Io ihany no lalana sy lalàna marina ahitana voalohany indrindra ny FAHAMARINANA rehetra avy AMIKO JEHOVAH, ahafahana tonga eo amin' ny TENY FIKASANA, dia ny PROGRAMAKO izany ho anareo olombelona. Inona moa izany??? Tonga ao amin' ilay FANJAKAKO. Nahoana moa no FIBEBAHANA no miverimberina? Satria rehefa nandalo izany hianareo dia mora ary tena mora ny FIFANDRAISANTSIKA amin' ny alalan' ny VAVAKA ary hoy koa ny voalazan' ny ***Isaia 59: 1-4*** "Indro, ny tànako Jehovah tsy fohy, fa mahavonjy, ary ny sofiny tsy lalodalovana, fa mahare; Fa ny helokareo no efitra mampisaraka anareo AMIKO Mpanjakanareo, ary ny fahotanareo no mampiafina ny tavako aminareo, ka dia tsy mihaino AHO. Fa ny tananareo dia voaloto amin'ny rà, ary ny rantsan-tananareo amin'ny heloka; ny molotrareo miteny lainga, ny lelanareo mibedibedy faharatsiana. Tsy misy mitory olona araka ny fahamarinana, na mandahatra ny rariny araka izay mahatoky; matoky ny tsy izy sy miteny zava-poana izy; Torontoronina fampahoriana izy ka miteraka fandozana." Rehefa tsy hita eo amin' ny fiainanareo ireny dia mifankazatra tsara IZAHO sy hianareo. Tsy hoe: ny ady sy ny olana na ny aretina sy izay loza mety miseho sy mitranga ihany akory no itadiavanareo AHY na mangataka fa tehandray zava-tsoa sy maika hahazo izay ilaina… fa tokony hifankahalalantsika avokoa ny zava-drehetra, ifandinihana AMIKO izay tianao atao, izay tianao aleha. Rehefa tsy misy eo aminareo izany rehetra izany dia indro fa diso izay ataonareo. Ny anton' izany rehetra izany dia tiako handeha amin' ny lala-marina hianareo ary mba tena ho fantatrareo ny FOMBAKO JEHOVAH, ***Joba 11: 7-8*** "Takatry ny sainao va ny fombako JEHOVAH? Ary tanteraka va ny fahitanao AHY. Avo tahaka ny lanitra izany! ka inona no hainao atao? Lalina noho ny fiainan-tsi-hita ka inona no fantatrao?"Izany no mahatonga AHY mampianatra anareo sy manolo-tsaina ka mba andramo ihany fa fahatanterahan-pamonjena ny FAHAMARINANA. Ny olom-boavonjy mantsy dia mitaiza ny fanahiny am-bavaka, miambina andro aman' alina fa ho avy tampoka JESOSY araka ny voalazan' ny ***Matio 25: 2-4*** "Ary ny dimy tamin'ireo dia adala, fa ny dimy kosa hendry. Fa ny adala nandray ny fanalany, nefa tsy nitondra solika fitaiza; ary ny hendry kosa nitondra solika tao anatin'ny fitondrany sy ny fanalany." Tao ny Hendry miambina ny fanahiny am-bavaka, tao ireo voalaza hoe: adala, ireo dia mpivavaka ihany fa tsy nanana fiambenana ny fanahiny am-bavaka, izany hoe: nanao atsirambina ny vavaka tokony ataony. ***Matio 25: 13*** "Koa amin'izany miambena ianareo, fa tsy fantatrareo na ny andro na ny ora." Ny vavaka izany tsy hoe amin'ny fotoana iray voatondro ihany, tsara izany ***Lioka 18: 1*** "Ary Jesosy nilaza fanoharana taminy, fa tsy mety raha tsy mivavaka mandrakariva izy ka tsy reraka." Aza manadino ny fiarahantsika mivavaka, tsy hoe tery aminjavatra tiana ho azo na tojo amin' izay tiana hahatongavana tsy hoe sitrana amin' ny aretina nisy na koa nivaha ny olana, tsy hoe tonga amin' ny tanjona nirina fa takiana aminareo mihitsy ny atao hoe MIVAVAKA= FIAMBENANA NY FANAHY TSY HO VOAMPENTIMPENTINA SY VOALOTO. Tandremo ary fa tsy hoe tonga eo aminao izay ilainao na mahalala zava-panahy maro hianareo na koa hoe mampiasa lavitra anareo ny FANAHY MASINA dia izay koa no ilazana fa olom-boavonjy fa IZAY MANAO NY SITRAPOKO JEHOVAH irery ihany, IZAY MAMPANJAKA AN' I JESOSY EO AMIN' NY FIAINANY KA MANAIKY AZY izay no atao hoe OLOM-BOAVONJY. Ny olom-boavonjy no miambina ny fiainany am-bavaka satria ho avy tampoka JESOSY haka izay tsara fiambenana ***Matio 25: 4-7*** "ary ny hendry kosa nitondra solika tao anatin'ny fitondrany sy ny fanalany. Ary raha naharitra ela ny mpampakatra, dia samy rendrehana avy izy rehetra, ka dia natory.Ary nony mamatonalina, dia nisy antso hoe: Indro ny mpampakatra! Mivoaha mba hitsena azy. Dia nitsangana ireo virijina ireo, ka samy namboatra ny fanalany." Hoy AHO tetsy aloha: raha manao VAVAKA sy FIFONANA ianao, aoka tsy ho fantatr' olombelona toa anao izany satria JESOSY irery ihany no nomena fahafahana hamela ny helokao sy ny fahotanao teo ary hamindrafo aminao tamin' ny fitsoranao teo anatrehany. Rehefa voavelany ny helokao dia hitako ianao ary dia tsy misy mahasakana intsony ny fifandraisantsika. Ny anton' ilay fihidinao amin' ny efitranonao mangingina dia ao ianao no mibebaka. Izany dia fitsoranao fa diso ianao, nahavita ratsy, aza misy afenina mihitsy na dia kely aza, teneno eo amin' ny vavanao, namono nahafaty olona ve? Nangala-badin' olona ve? Nanao risoriso sy nameno kolikoly teo amin' ny fiainanao manokana? Namadika ny marina ho diso? Sa nanamarina ny nanao fahadisoana? Naniratsira ray aman-dreny? Nanenjika fivavahana? Niteny ratsy olom-boahosotra? Sa nanisy ratsy ny mpaminaniko marina? Santionany ihany ireo fa betsaka ny fahotanareo. Makà toerana rehefa mibebaka, raha azo atao dia miankohofa amin' ny tany mihitsy. Mety mitomany ianao, tsy maninona izany fa fanenenana ny fahotana sy heloka vita, izay no tena fibebahana marina, ***Ohabolana 28: 13*** "Izay manafina ny fahotany tsy hambinina; Fa izay mitsotra ka mahafoy azy no hahazo famindrampo." Teneno eo amin' ny vavanao fa mihaino AHO, miandry ny JESOSY. Ny anton' ny itenenana dia mba ho ren' ny devoly izay manao fitaovana anao hatramin' izay fa amin' io fotoana io dia tapa-kevitra ianao hiala aminy ka hanompo ANAY. Ny antony iray koa dia izy mantsy tsy mahalala izay ao anaty fa anjaranay izany fa ny azy ny ivelany ihany no fantany ka aza menatra ny miteny mba hialany eo amin' ny fiainanao. Mbola hitohy

Amen! Haleloia!

JEHOVAH MPANJAKA MANDRAKIZAY

**Telephone** : ***033 12 461 43***
**E-mail:** jehovahandriamanitra@gmail.com
**Facebook** : Jehovah Andriamanitra page

**Radio:**

- ***Antsiva,*** FM 97.6, Alarobia maraina 5ora 45min- 6ora
- ***Soa Radio,*** FM 96.8, Alahady maraina 6ora 30min -7 ora
- ***RMK, FM 102.4***, Asabotsy 12 ora -12 ora 30min

***Gazety Ny Valosoa Vaovao*** (www.gvalosoa.com): mivoaka Talata sy Asabotsy

**BORIBORITANY VOALOHANY (CUA)**

## Nanadio ny lalana teny amin'ny toeram-piantsonan' ny fiarakodian'Andohatapenaka sy ny manodidina



*Ny fanadiovana nataon'ny Boriboritany voalohany teny Andohatapenaka.*

Nojeren'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra manokana ny zoma teo ny fahadiovan'ny làlana teny amin'ny faritra Andohatapenaka sy ny manodidina, noho ny fisian'ny toeram-piantsonan'ireo fiara izay mitatitra olona miditra sy mivoaka ny Renivohitra, eo ihany koa ny maha làlana ifamezivezen'ireo malagasy sy vahiny, izay handray ny sidina iraisam-pirenena eny Ivato, noho izay indrindra dia nikarakara hetsika fanadiovana faobe teny antoerana ny Boriboritany Voalohany. Tonga nanatontosa izany teny antoerana ireo ekipa teknikan'ny Boriboritany Voalohany izay nahitana mpamafa làlana 152, notarihan'ny lefitra faharoa ny Delegen'ny Boriboritany Voalohany RAZANADRAKOTO Heriniaina, sy ny lehiben'ny sampan-draharaha misahana ny ara-teknika, RAKOTONIRINA Maminiaina sy ireo mpiara-miasa aminy. Raha araka ny nambaran'ny lefitra faharoa ny Delege dia tsy natao hetsika ho fisehosehoana fotsiny izao natao izao, fa natao hisarihana ny sain'ny mponina, mba hanaja sy hitandro ny fahadiovana mba ho fitandroana ny fahasalamana sy ho fanatsarana ny endriky ny tanàna. Nanambara ihany koa ireo mpamafa làlana fa mafy ny asan'izy ireo koa manentana ny mponina ireto farany mba tsy handoto, fa handray ny andraikitra izay tandrify azy ireo satria izay tsy mandoto dia efa anisan'ny manadio.

***Aly***

**Filankevitra Monisipaly Antananarivo**

## Nankatoavina ireo loha-hevitra 9 nodinihana, ahemotra amin'ny fotoana manaraka ny momba ny Easy Park



*Ny fivoriana tsy ara-potoanan'ny Filankevitra Monisipaly Antananarivo.*

Lahadinika miisa sivy (9), no nodinihana nandritra ny fivoriana tsy ara-potoana nataon'ny Filankevitra Monisipalin'ny tanànan' Antananarivo, naharitra 3 andro ny herinandro teo. Nisy ny fanapahan-kevitra noraisina taorian' ny dinidinika sy ny fifanakalozankevitra ary nisy ny mbola ho didihina amin'ny fivoriana manaraka : nankatoavin'ny mpivory avokoa ny mikasika ny" compte administratif ", ny" budget additionnel" sy ny fangatahan'ny mpanatanteraka ny hanitsiana ny hetra ho an'ireo "panneau publicitaire" eto Antananarivo Renivohitra, ny fangatahana nataon'ny "Maison des arts" mikasika ny tendrombohitra faha 13, ny fanohizana na tsia ny fanatsaràna ny araben'ny fahaleovantena, ny fangatahan'ny boriboritany fahaefatra hanatsara ny ao amin'ny faritra anatiny misy azy ireo, ny fangatahana fanavaozana ny "plan d'urbanisme" natolotry ny avy eo anivon'ny mpanatanteraka, ny fangatahana fiaraha-miasa amin'ny filan-kevitry ny tanàna sy ny "Cité Jardin" Mahamasina, ka hisy ny komity hatsangana hanatsaràna ity faritra ity. Momba ny fandraisana ireo fitarainana maro avy amin' ny mponina mikasika ny fomba fiasan'ny Easy park dia marihina fa tsy mbola nisy fanapahan-kevitra noraisina, fa mbola ho dinihina amin'ny fivoriana manaraka, satria tsy ampy ny telo (3)andro handinihana azy hoy ny filohan' ny filankevitra Monisipaly. Namarana ity fivoriana ity ny filohan'ny Filankevitra Monisipaly Andriamatoa ANDRIAMBAHOAKA Jean Faustin, ary nanatrika izany ny Lefitra faharoan'ny Ben'ny tanànan'Antananarivo ANDRIAMORASATA Julien.

***Stefa***

**DRENETP Vakinankaratra**

## Raikitra ny fiaraha-miasa amin'ny Service Civique Madagasikara Soa

Mifandray tanana ary miaramiasa ny DRENETP Vakinankaratra sy ny SERVICE CIVIQUE MADAGASIKARA SOA, izay rantsa-mangaika eo anivon'ny Tafika Malagasy misahana ny famolavolana sy fanarahama- so ireo tetikasa, sy hetsika fanetsiketsehana rehetra entina ho fampandrosoana ny tontolo ambanivohitra. Teboka goavana ao anatin'ny fi-arahamiasan'ny roa tonta ny fitaizana ny mponina ho olom-pirenena vano-na, ny Fanabeazana ny vahoaka miaina amin'ny tontolo ambanivohitra amin'ny lafiny maro toy ny fampianarana azy ireo ny fomba rehetra hampiroboroboana ny fambolena sy ny fiompiana, ny fikajiana sy fikirakirana ny rano, mam- pianatra azy ireo ihany koa hahay hiaro tena na ny self défense , mana-mpy amin'ny fahazoana kopia sora-piankohona-na, na ny bulletin de naissance. Tetikasa vokatr'izay fiaraha-mientan'ny DRENETP sy ny SERVICE CIVIQUE MADAGASIKARA SOA izay dia hitsangana ny EPP iray ao Andakana ZAP BETSOANA CISCO MANDOTO .

***Lezama***

ANKASINA, ANDOHATAPENAKA II SY III

## Nanadio lakandrano mirefy 500 m eo, fampidirana rano hambolena ny CUA

Amin'izao volana Aogositra izao no volana fampidiran'ireo tantsaha eny amin'ny faritra Ankasina sy Andohotapenaka II sy III rano eny amin'ny tanimbary sy ny tanimboly, noho izany indrindra dia nikarakara hetsika fanadiovana ireo lakandrano fampidirana rano hambolena niaraka tamin'ny Boriboritany Voalohany eo anivon'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), ireo fikambanan'ny Mpamboly sy ireo RF2 ny sabotsy lasa teo. Araka ny nambaran'ny lefitra faharoan'ny Delegen'ny Boriboritany Voalohany, Andriamatoa RAZANADRAKOTO Heriniaina dia tototra fako sy loto ny lakandrano famatsiana rano ho an'ireo fambolena eny amin'ny faritra Ankasina, Andohatapenaka II sy III kanefa dia mamokatra sakafo hohanina no vatsian'ity lakandrano ity rano. Noho izany dia nandray andraikitra ny kaominina amin'ny fanentanana ny rehetra amin'ny tsy hanariana rano maloto sy fako amin'izany lakandrano izany, tokony ho fadiana ihany koa hoy izy ny manasa lamba sy ny manary maloto any anatin' itony lakandrano itony. Ankoatra izay dia nanentana ihany koa ity tompon'andraikitra ity ny tokony hijeren'ireo mponina manokana ny RF2 eny anivon'ny fokontany, izay miezaka ny manadio sy manala ireo fako isan-tokantrano. Mirefy 500 metatra eo ho eo ity lakandrano nodiovina ity ary raha araka ny zavamisy eny an-toerana dia ireo mponina izay mipetraka eny anivon'ity fokontany ity ihany no mandoto sy manary fako any anatin'ny lakandrano. Mandrora mitsilany ihany ireto mponina ireto satria ny vokatra dia hiditra any ambavan'izy ireo ihany, ka izay indrindra no hanentanan'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra, mba tsy handrora mitsilany amin' ny fanariana ny fako eny rehetra eny satria izy ireo ihany no hitanty ny vokatry ny natao.



*Ny fanadiovana lakandrano nataon'ny Boriboritany voalohany.*

***Aly***

EPP Andakana-Cisco Mandoto

## Hisitraka fotodrafitrasa vaovao

15 km tsy hidirana an'i Mandoto ary lalan-tany 25 km kosa avy eo, amin'ny sampanan'Ambatolahy no misy ny EPP Andakana. Raha io misy azy io dia izy no EPP lavitra indrindra ao amin'ny ZAP Betsoana ho an'ny Cisco Mandoto, toerana lava-bozaka sy lavitry ny fandrosoana tokoa raha ny filaza azy saingy nosafidian'ny Service Civique Madagasikara Soa manokana ny fanitarana azy. Tetikasa noho izany, izay vokatry ny fiarahamiasan'ny Service Civique Madagasikara Soa, rantsa-mangaikan'ny tafika Malagasy misahana ireo tetikasa fampiroboroboana ny tontolo ambanivohitra miaraka amin'ny DRENETP Vakinankaratra, fa teo ihany koa ny fanampian'ireo fokonolona eny an-toerana izay nanolotra ny tany hanorenana ireo efitranom-pianarana vaovao voasoritra ao anatin'izao fanitarana ny sekoly izao . Notontosaina ny faran'ny herinandro teo ny hady fototra ity fotodrafitrasa vaovao ity, ka toy izao ny mombamomba ny efitrano hajoro : miisa 3 ireo efitrano fianarana ireo, ka mirefy 8 m ny sakany ary 21m kosa ny lavany , ao anatin'ny 3 volana no fe-potoana hamitana izany ary ny Service Civique Madagasikara Soa, sy ny fokonolona no hiarahisalaha amin'ny fanamboarana rehetra. Eny an-toerana avokoa no anamboarana ireo Biriky 40.000 ilaina amin'ny fampijoroana ny efitrano rehetra, izay efa eo amperin'ny fanaovana azy ny fokonolona ao Andakana amin'izao fotoana izao. Hiantoka ny fitaterana ireo kojakoja hafa kosa toy ny simenitra sy ny vato ary ny fasika sy ny vy ny ekipan'Andriamatoa RAKOTORALAHY Modeste, izay solombavambahoaka voafidy tao amin'ny distrikan'i Mandoto avy amin' ny antoko TIM. Ny solombavambahoaka izay nanolotra simenitra 6 lasaka tamin'ity fotoana nanaovana ny hady fototra ity. Ankoatry izay ho fikojakojana ihany koa ny tontolo iainana dia mbola tafiditra ao anatin'ny tetikasan'ny Service Civique ny hanao « espace verte » ny manodidina ny sekoly, ka zanakazo mahatratra 2500 no hovolena mialohan'ny hanokanana ny fotodrafitrasa ny volana oktobra izao. Tsy araky ny mahalavi-tany azy fa EPP isan'ny manana vokatra tsara ity EPP eto Andakana ity raha tsy hilazana ny vokatra 100% azony teo amin'ny tahapahafaham-panadinana CEPE ny taona lasa teo. Mendrika azy ny hahazo fanitarana toy izao. Tsapa tokoa teto fa manakaiky ny vahoaka ary mijery izay tokony hanampiana ny tontolo ambanivohitra ny tafika Malagasy ary ny DRENETP Vakinankaratra ihany koa dia tsy nisalasalana nanome sehatra afahan'izany fotodrafitrasa izany ho tanteraka, mba ho fampiroboana ny Fanabeazana eto anivon'ny Faripiadidiam-pianarana eto Vakinankaratra.

***Solohery***

Fitsarana miaramila

## Nazoto niatrika izany ireo tanora any Vakinankaratra

Raikitra ny fitsarana miaramila ho an'ny Faritra Vakinankaratra. Raha ho an'ny Distrikan'Antsirabe voalohany dia naharitra 3 andro ny fitsarana miaramila teo amin' ny sampandraharahan' ny fiarovanan'Antsirabe voalohany , nanomboka izany ny andron'ny 07 Aogositra ary nifarana ny 09 aogositra 2019. Hita taratra fa narisika ireo zatovolahy 19 taona ka hatramin'ny 31 taona niatrika izany satria dia hita ho sahirana tanteraka ireo tompon'andraikitra nisahana izany noho ny hamaroan'ireo zatovo. Raha tombanana dia nahatratra 1.000 mahery ireo nitsara miaramila nandritra ny 3 andro satria nihoatra ny 300 isan'andro teo ho eo ireo tonga nisoratra anarana sy niatrika ny fitsarana. Raha ho an'ireo Distrika 07 mamaritra ny Faritra Vakinankaratra dia efa samy manana ny tetiandro hanatanterahana azy ny isan-distrika. Ny Prefet an'Antsirabe dia nanatrika izao fitsarana miaramila izao. Tsara ny manamarika fa ireo zatovolahy 19 taona hatramin'ny 31 taona no voakasik'izao fitsarana miaramila izao. Ilain'ny zatovo lahy amin'ny fiatrehany ny fiainany arak' asa sy ny hoaviny ny fandalovana amin'ny fitsarana miaramila, isan' ny mampiavaka ny fitsarana miaramila amin'izao fotoana izao ihany koa ny fahazoana ny "carte verte" aorian'ny fitsarana satria nozaraina teo no ho eo izany tao Antsirabe.

***Solohery***

Mpikarakara karama sy fisotroan-dronono

## Nanome fiofanana ho an'ireo tompon'andraikitry ny mpiasa

Maro ny lesoka hita amin'ny fikirakirana ny taratasin'ny mpiasam-panjakana, n'inona n'inona fangatahana ataon'ny mpisitraka, ao ihany koa ny tsy fifehezana ireo dingana rehetra tokony harahina ataon'ny mpiandraikitra ny mahaolona. Ireny rehetra ireny no nandrisika ny Lehiben'ny Sampandraharaham-paritry ny Karama sy ny fisotroan-dronono hanome ny fiofanana. "Tsy ekena intsony ny fahataran'ny fisitrahan'ny mpiasam-panjakana ny zony " izany indrindra no nahatonga ny avy ao amin'ny Sampandraharaham-paritry ny Karama sy ny fisotroan-dronono (Service Regional de solde et pension) nanao ny fanomanana izao fiofanana izao, ka ireo mpiandraikitra ny mahaolona, ny tompon'andraikitry ny fitantanana ny ara-bola eny anivon'ny sampandraharaham-panjakana rehetra no niantefan'ny fiofanana nandritra ny roa andro ny herinandro teo, tao amin'ny efitrano fivorian'ny Faritra Vakinankaratra. Raha ny fantatra dia tsy ampy ny roa andro hiofanana fa ireo fototra tsara ho fantatra no azo eto fa afaka kosa hoy ihany ity tompon'andraikitra ity hanampy ireo tompon'andraikitry ny mpiasa ireo mandritra ny ora fisokafan'ny birao, alatsinainy hatramin'ny zoma amin'ny 8 ora hatramin'ny 4 ora hariva. Ny Prefet an'Antsirabe miadidy ny Faritra Vakinankaratra no tonga nanokatra tamin'ny fomba ofisialy izao atrikasam-piofanana izao ary nitondra teboka maro ho an'ireo tompon'andraikitra isan-karazany, nohamafisiny teto ary fa manomboka masonandro anio dia maimaimpoana avokoa ny fikirakirana ny taratasim-panjakana eny amin'ny biraom-panjakana rehetra isan'ireny : ny Foibem-paritry ny asa, ny fampananana asa, ny asam-panjakana ary ny lalàna sosialy, ny eny anivon'ny Sampandraharaham-paritry ny Karama sy ny fisotroan-dronono, ny eny anivon'ny "Contrôle financier", ary ny Prefektiora. Raha sanatria mbola misy voafatotr'izany hoy ihany izy dia aleo hajanona manomboka izao. Raha eto Vakinankaratra dia manodidina ny 9.000 ny mpiasam-panjakana izay mizara ho sokajy roa dia ireo mpiasam-panjakana raikitra, ary ireo voafatotry ny fifanarahana. Ireo rehetra ireo dia ny eo anivon'ny ny Foibem-paritry ny asa, ny fampananana asa, ny asam-panjakana ary ny lalàna sosialy no miandraikitra azy. Ny Faritra Vakinankaratra dia isan'ireo Faritra be mpiasam-panjakana indrindra tahaka an'Analamanga sy Matsiatra ambony. Azo antoka arak'izany fa aorian'ny fiofanana izay arahin'ireto tompon'andraikitry ny mpiasa ireto dia hiova ny vokatra azo amin'ny fikarakarana ny taratasin'ny mpiasam-panjakana, tsy hilona toy ny teo aloha intsony ny asa atao, ary tsy hiverina intsony noho ny tsy fahatomombanana. Manana tamberin'andraikitra goavana amin'ireo mpila raharaha eny anivon'ny biraom-panjakana rehetra ny mpiasam-panjakana satria dia manodidina ny 75% ny tetibolam-panjakana dia hanakaramana ny mpiasam-panjakana, noho izany : tokony hiasa maimaimpoana ho an'ny mpanjifa izy ireny no sady ihany koa hahazo ny risika hampazoto azy amin'ny alalan'ny zo-ny amin'ny maha-mpiasam-panjakana azy.

***Lezama***

Fividianana fanafody lany daty

## Mety hahatratra 10 tapitrisa ny ho faty amin'izany eran-tany

Nisongadina nandritry ny fanazavana nentin'ny teo anivon'ny minisiteran'ny fahasalamana, fa ho hentitra manomboka izao ny fanjakana amin'ireo olona mividy fanafody tsy ara –dalàna ireny. Tafiditra ao anatin'izany ny mpivarotra fanafody anelakelantrano toy ny eny Ambohipo Antananarivo. Misy amin' izy ireny no mora nefa efa lany daty, ka mety hivadika poizina indray . Nambaran'ny teo anivon'ny minisiteran'ny fahasalamana, fa tsy tokony hatao intsony ny mividy fanafody tsy ara-dalàna manomboka izao satria hisy fiantraikany amin'ny fahasalamana, ary mety hitarika fahafatesana mihitsy izany . Manodidina ny folo tapitrisa mantsy ny olona mety ho faty manerana izao tontolo izao hatramin'ny taona 2050 raha tsy mitandrina raha ny nambarany, ka tokony ho mailo sy handray fepetra avokoa ny rehetra mba hisorohana izany.

***Rajo***

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIE DE GARDE**
**10/08/19 hatramin'ny 17/08/19**

- **MAHAMASINA** (Mahamasina) 020 22 545 58/ 020 22 545 59/034 07 545 58
- **ISORAKA** (Isoraka) 020 22 285 04/020 22 694 12
- **CAPITALE** (Rond point Ankazomanga) 020 24 373 11/033 28 693 88
- **AMPANDRANA** (Ampandrana) 020 22 258 99 / 034 19 341 82
- **RABARISOA** (Andravoahangy près BOA ex imm Soloprix) 020 22 229 86/034 07 229 86

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40

Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 941-08-19
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

VAKINANKARATRA

# Nisongadina tamin'ny Prix de l'enseignant de l'Union Africaine 2019

Mpampianatra avy eto amin'ny fari-piadidiam-pampianaran'i Vakinankaratra no anisan'ny lany hisolotena an'i Madagasikara hiady ny PRIX DE L'ENSEIGNANT 2019 karakarain'ny Fivondronambe Afrikana. Andriamatoa Rakotoarimanana Flerijo Ernest, izay misalotra ny mari-pahaizana CAPEN ary mpampianatra Physique Chimie ao amin'ny Lycée Antanifotsy Cisco Antanifotsy, no tsara toerana indrindra teo amin'ny mpampianatra lehilahy ary lany tao anatin'izany fifaninanana misokatra ho an'ny mpampianatra mendrika aty afrika izany. Ity fifaninanana ity dia natao ho an'ireo mpampianatra eny anivon'ny Lycéé na ny kilasy ambaratonga faharoa ary tao anatin'ny « séléction de dossiers », no nisafidianana azy ireo. Mpampianatra 2 , ka lahy sy vavy no nosafidiana tamin 'izany manerana ny faritra 22 eto Madagasikara. Any amin' ny farany dia mpampianatra 10 mendrika indrindra avy amin'ireo faritra ara-jeografia ahitana ny Fivondronambe afrikana no hahazo ity prix de L'Enseignant 2019 ity. Hotolorana izy ireo ny plaque sy certificat de reconnaissance avy amin'ny "Commissaire aux ressources humaines, à la science et à la technologie de la Commission", eo anivon'ny Fivondronambe Afrikana ary hotolorana vola mitentina 10.000 dolara amerikana ho fanampiana azy ireo. Ny DRENETP Vakinankaratra tarihin'ny Talem-paritra RAKOTOARIMANANA Heriniaina Nomenjanahary dia mirahaba manokana an'Andriamatoa RAKOTOARIMANANA Flerijo Ernest ary mirary azy ho lasa amin'ny ambony indrindra eo amin'ny adidy masina izay iantsorohany dia ny fanabeazana.

***Solohery***

Mitaraina ny mpiompy akoho manatody lava

# Tafakatra 1200 Ar mahery ny katsaka 1 kg

Raha toa ka mbola arivo ariary teo ho eo ny katsaka iray kilao volana vitsy lasa izay , dia efa tafakatra roanjato sy arivo mahery ny iray kilao amin'ny katsaka ankehitriny. Ny katsaka anefa no tena foto-tsakafon'ny akoho manatody lava satria ny 70% ny akora ilaina amin'ny praovandy dia katsaka avokoa. Ny atody kosa dia tsy midina sady tsy miakatra fa manodidina ny 350 ariary eo ny iray eny amin'ny mpiompy. Ny atody madinika aza moa dia amidy roanjato mahery fotsiny ny iray . Rehefa atao ny kajy dia tsy maharaka ny masonkarena lany ny vidin'atody. Fiveloman'ny tantsaha maro io raha tsy hiresaka afa-tsy any amin'ny kaominina Antanetibe Mahazaza ao anatin 'ny distrikan' Ambohitratrimo isika. Ny fangatahan'ny tantsaha mpiompy dia hoe inona no vaha-olana amin'izay fidangan'ny vidin'ny katsaka izay satria ny madinika no tena lasibatra raha angonin'ny mpanam-bola sy ny vahiny avokoa ny vokatra any amin'ny faritra mpamokatra katsaka. Hatreto aloha dia tsy mbola hita izay vahaolana atolotry ny fitondram-panjakana momba ity fampakarana ny vokatra katsaka sy ny pôlitika ankopobeny amin'ny fampiroboroboana ny fambolena katsaka ity eto Madagasikara.

***Rajo***

Fitantanam-bolam-panjakana

# Lalàna mifehy ny tetibola 2020, nakan-kevitra teny anivon'ny faritra


Raha ireo tompon'andraiki-panjakana eo anivon'ny foibe hatrany no nakan-kevitra hatramin'izay, amin'ny famolavolana ny lalàna mifehy ny tetibola dia fomba fiasa vaovao no nentin'ny fitondram-panjakana ankehitriny. Nasiana mantsy ny fikaonan-doha ety anivon'ny Faritra mikasika ny fandrafetana ny tetibola na ny "Conférence Regionale Budgétaire", ka nandray anjara tamin'ny fihaonana teto, ireo sampandraharaham-panjakana, ireo Lehiben'ny Distrika rehetra, ireo Ben'ny Tanàna 16 filohan'ny OPCI, na ny vondron'ny Communes, ny sehatra tsy miankina ary ny fiarahamonim-pirenena ary ireo parlemantera ihany koa. Nofantarina ireo tena ilain'ny mponina eny ifotony, ireo mitondra fiantraikany amin'ny fiainambahoaka. Rehefa vita ny fanangonan-kevitra dia efa misy ny "Canevas", na andalan-tsoratra hofenoina, hampidirana ireo hevitra rehetra. Ity farany no halefa any amin'ny Ministeran'ny Toekarena sy ny vola, izy ireo indray no hitsinjara ny filana isaky ny ministera voakasika mba hahafahany mamaritra ny laharam-pahamehana isaky ny sokajy. Ny fomba fiasa ao anatin'ny mangaraharaha, ny famantarana ny filana eny ifotony, izay no anton'izao fomba fiasan'ny fitondram-panjakana izao. Nampahafantarina teto ihany koa fa Andriamatoa RAKOTONANAHARY Rivo Nandrianina indray manomboka izao no Lehiben'ny sampandraharahan'ny tetibola aty Vakinankaratra. Araka ny nambarany dia maro ny fomba fiasa vaovao sy fanamorana hoentiny amin'ny fitantanana ny volam-panjakana aty Vakinankaratra. Manam-boninahitra sy manam-pahefana maro no nanatrika izao kaoferansa izao, izay notarihin'ny Prefet an'Antsirabe, ny DAGT an'ny Faritra Vakinankaratra, ireo Solombavambahoakan'i Madagasikara voafidy tao Mandoto, Ambatolampy, Antsirabe faharoa ary ireo tompon'andraikitra avy ao amin'ny fitantanam-bolampanjakana.

***Lezama***

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

BEHARO

**N° 289**




**BL** = Bory Loha
**BR** = Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0288)


***Mitsivalana***

- Volamena
- Asako – At
- Ranomena
- Amy – Bodo
- Tra
- Rora – Hao
- Ala – Fay

***Mitsangana***

- Varatra
- Maso (Miv) – Lo (Miv)
- Lanitra
- Ako – Rà
- Momba
- Eo – Ha
- Nandray
- Atao

## TENY MIFANAPAKA N° 289




**Mitsivalana**

**1.** Miparitaka **2.** Harena (Miv) – Fototenin'ny mandao **3.** Embona (BR) – Raharaha **4.** Fifanolanana (Miv) **5.** Eritreriny **6.** Tsy tsaroana **7.** Kanto – Teny miangavy, mandrara **8.** Heno – Vita amin'ny tanimanga (BR) – Firenena (BR) **9.** Ao amin'ny rora – Toeram-piasana **10.** Zava-maniry (Miv)

**Mitsangana**

**A.** Tsy salama – Aviavy **B.** Bengy – Fanaviana **D.** Taranakao **E.** Hazo maro tapaka – Havana **F.** Ampahatelon'ny rononono – Tamy – Farateny (Miv) **G.** Nikaroka (Miv) – Gia **H.** Vahiny – Kianteny **I.** Marary saina (Miv) – Ilaina amin'ny fanorenana izay atao (Miv) **J.** Lio – Nitetika, naniry (BR) **K.** Jamoka – Milaza fananana

### Valiny Teny mifanaraka 0288

***Mitsivalana***

1 Maloto - Soa 2. Ivoloina 3. Ao - Dakao 4. Ambola 5. Anabavy - Id 6. Eo - Roa (Miv) 7. Lona (Miv) - Kanto 8. Mitolona 9. Inona ? - Na 10. Sakaizany

***Mitsangana***

A. Miala - Sima (Miv) B. Avo - Nenina D. Lo - AA - Koto (Miv) E. Olombelona F. To - Bao - Lay G. Vidio (Miv) - Ko H. Lany (Naly) - Aina (Miv) I. Saka - Ana J. Toy (Miv) - Ny K. Avendrona

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka sy Helisoa

Ny fanosorana ny Eveka mpanampy ny Arsidiosezin'Antananarivo tetsy Mahamasina ny alahady teo.















